



**Rehefa avy namaky ny zavatra nosoratan' ny reniny ilay zanaka lahy dia ranomaso roa lehibe no nandona ny takolany kely. Nijery ny reniny ilay zazalahy kely ary niteny taminy hoe : "Neny â, tena tiako ianao !"**



**Tamin' io fotoana io no nandraisany ny penina ary nanoratany tamin' ny faktiorany tamin' ny soratra lehibe :"VOALOA TANTERAKA". Toy izany koa ny ao amin' Andriamanitra, miandry mihoatra foana isika ary tsy mahatsikaritra izay omeny antsika etsy an-daniny. Misaotra Tompo amin' ny zavatra rehetra !**

## Famoahana tantara ho an'ny fianakaviana iray manontolo!





# 365Histoires.com

**Jean-Louis Gaillard**





Indray hariva, raha teo ampikarakarana sakafo i Neny, dia tonga tao an-dakozia ny zanany lahy kely ary nampiseho azy tapaka taratasy. Namafa tànana tamin' ny aron' akanjo anoloana i Neny ary nanomboka namaky.



Mijery azy mivantana ao amin' ny maso ny reniny. Afaka hita tao amin' ny masony mangirana, ny hamaroana fahatsiarovana mitanjozotra. Noraisin' ilay reny ary ny penina, navadiny ny taratasy ary dia nanoratra tao ambadika izy.

Neny,

| | |
|---|---|
| Ho fanapahan ny bozaka: | 5€ |
| Ho fanadiovana ny efitranoko : | 5€ |
| Ho fividianana zavatra ilaina ho anao : | 0,50€ |
| Ho fiambenana ny zandriko lahy tamin' ianao tany amin' ny magazay : | 0,25€ |
| Ho fahazoana taratasy tatitra tsara avy an-tsekoly : | 5€ |
| Ho famoahana ny fako: | 1€ |
| Ho fanadiovana sy fandroafana ny ahitry ny tokotany : | 2€ |

**TOTAL : 18,75€**

Ry zanako,

Ho fitondrana anao 9 volana :
MAIMAIM-POANA

Ho an' ny alina rehetra izay niarahako taminao, mba hivavaka sy mba hikarakara anao :
MAIMAIM-POANA

Ho an'ny fotoana rehetra sy ny ranomaso nolaniana taminao hatramin' ny nahaterahanao : MAIMAIM-POANA

Ho an' ny toro-hevitra, ny fahalalàna nampitaina ary ny sandan' ny fianaranao :
MAIMAIM-POANA

Ho an' ny kilalaonao, ny sakafonao, ny fitafianao, namafa ny ranomasonao sy ny oronao :
MAIMAIM-POANA

**TONTALINY : MAIMAIM-POANA**

**Anaka,raha hataonao ny fitambarany dia marihinao fa ny vidin' ny fitiavako anao dia MAIMAIM-POANA**